Portes de la ville [Aux] [TP.PVVB]

Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

13 Fichier(s)

Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph , Portes de la ville [Aux] [TP.PVVB], .
Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle).
Consulté le 20/04/2024 sur la plate-forme EMAN :
https://eman-archives.org/francophone/items/show/2111

Description & analyse

DescriptionTexte malgache avec indications scéniques en français (le titre : Aux portes de la ville, est écrit en gros, à l'encre)
Éditeur(s) de la ficheResztak, Karolina

Informations générales

Langue

- Français
- Malgache

Cote

- NUM THE TAP1 PORTES VILLE VB
- TP1.PVVB

Nature du documentTapuscrit
Collation13 (f.) ; 325 x 220 (mm)
État général du documentBon
Localisation du documentFonds Rabearivelo,
Institut Français,

14 avenue de l'Indépendance,
101 Antananarivo
Madagascar

Présentation

GenreThéâtre (Pièce)
Mentions légalesConsultable sur internet. Copie et impression interdites.
Consultation possible de l'original à l'Institut Français d'Antananarivo.
Contact : brakotomanga@gmail.com
Éditeur de la ficheClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)
Notice créée par Richard Walter Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 01/09/2022

Aux Portes de la Ville.

IMAGERIE POPULAIRE

-°-°-°-°-°-°-°-

Livret de J.-J. RABEARIVELO .
Musique de Benoît RAKOTOMANGA ,
sur des paroles et airs anciens .

. ------::------.

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

La sscène se passe ,de nos jours,quelque part,dans la banlieue de Tananarive.

La saison froide bat son plein.C'est celle où,pus qu'en tout autre temps, la vie malgache s'anime en Imerina;lacirconcision se fait à cette date, la construction des tombeaux,le retournement des morts.Des moissons-quelque peu précoces...à moins qu'elles ne soient tout simplement tardives-s'effectuent aussi en cette saison .

Et c'est la joie de tous.

Nous allons commencer à l'aube,ici ,pour finir avec le cours même du soleil.

Les veilleurs de nuit s'interpellent.Le jour les surprend dans leurs chants ardents de nostalgie tandis que,de tous les points de la ville et des villages,les enfants se préparent à saluer la renaissance du soleil.

puis c'est le réveil partout:les femmes vont à la fontaine,des idylles s'ébauchent,tel journaliste,en mal de copie,est survenu aussi depuis quelque temps.Qu'il mène nos jeux...si toutefois,il n'est pas trop hanté par le vide de son marbre.Mais, au moins,il nous commentera les principales scènes qui vont se dérouler de la vie malgacheEn vers méchants pêut-être,quelquefois,faute de mieux, en d'anodines chansons...voire même,si la rime lui manque,en simple prose...il s'y connaît mieux.

Ce sera bientôt l'arrivée de l'eau lustrale,destinée à une cérémonie rituelle de circoncision:un symbole remontant à des siècles bien lointains et dont nul ne saurait peut-être plus dire la véritable signification religieuse.

D'autres menus faits de la vie quotidienne de ce pays,et,parmi eux-gigantesque celui-là,demandant beaucoup d'efforts-le transport d'une pierre tombale.

Que de discours ne faut-il pas pour donner du cœur aux gens qui s'époumonent;que de bonne volontéaussi de la part de tous,pour l'honneur des morts au milieu desquels l'on finira un jour.

Puis ce sera le retour à la vie-la vraie,celle qu'on vit dans toute campagne:les petits cultivateurs,les petits artisansqui,en allant approvisionner les citadins,se moquent entre eux.

Ce sera,après,l'arrivée de ces derniers.L'animation d'un petit marché où tout se vend moins cher qu'en ville,où de plus,se sentant bien chez eux,les paysans ne changent guère rien à leur façon de vivre.

Quel meilleur prétexte pour en faire voir les tranches les plus vives? La plus caractéristique de toutes;assurément,sera cette intimité sans tristesse ninseffrroi avec les morts;un retournement de corps passera par le marché,et le corps lui-même,depuis longtemps devenu une momie,porté avec une allégresse,mêlée de dévotion par les enfants fidèles-déjà si heureux de pouvoir le faire entrer dans le tombeau des ancêtres.

Non moins caractéritique de la vie malgache sera cette fête de la moisson qu'on organise chaque année en l'honneur des Grands.

Et c'est précisément pour montrer à quel point il en est touché que, pour clore la journée,le chef du village fera venir,à la joie de tous,chanteurs et danseurs....

J.-J. RABEARIVELO .

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

EO AMBAVAHADIM-BOHITRA .

Imagerie populaire .

Avant le lever du rideau, tandis que l'orchestre exécute le prélude, le Meneur de jeux dit ces vers :

Aux portes de la ville, à l'aube d'un jour froid:
hésitant à l'orée herbeuse des montagnes,
c'est à peine, ô soleil, si ta lumière croît,
et nulle vie encore n'anime nos campagnes.

Du plus loin que le rêve, en cette presque-nuit,
près des murs qui prendronr à ta poupre royale
sa splendeur, et trompant l'ardeur de leur ennui,
écoute les veilleurs chanter l'aurore australe.

Ils disent ta beauté retrouvée, ô matin
Ils disent la douceurs de tant de grappes mûres,
déhiscentes, bietôt, au champ clos du destin.

Puis ce sera, parmi d'adorables murmures,
saluant ton triomphe et ton avénement,
la vie ample, la Vie, et son enchantement.

-o-o-o-o-o-o-o-o-

Le rideau se lève lentement depuis le début du dernier tercet; dès qu'il l'est tout à fait et que le sonnet de présentation est déclamé, les veilleurs s'interpellent de leurs postes lointains.

Deux veilleurs sont déjà en scène; ils chantent :

Dia mba mahatsiarova hianareo
'zay matory ô
Fa maraina ny andro.
Mazava atsinana izao ny any an'ala,
Fa maraina ny andro.
Tomaratra soa ny lanitra manga,
Fa maraina ny andro

Fa ny any Imanga no soa mamorina
Koa arahaba ny any;
Ary ny any Iarivo no soa nanasoavana
Ka veloma ny any
Ary isika ne no vontomppiadanana
Ka misaora isika
(Dia zovy lah'hianareo
(Dia zovy izany ? -Refrain.

1er veilleur.- Zovy? zovy, ry lahy ê ?
2e Veilleurs- Mbola tsy maraina ihany ve, lehiroa ny andro, fa efa mavesatra izany masoko izany a?
1er Veilleur.-Fa ise ity angaha tsy mpiambina no mitarainetorimaso ?
2e Veilleur.-Tsy izany fa ,fa ry zalahy koa no ela fihavy.
1er veilleur.-Tandidomin'ny lanonana raha antoandro koa ilaity tsy milaza ,fa. Zovy ?zovy ê. (appels de tous les postes).
2e Veilleur.-Koa na ise azao izao tsy ho tandindominy ?
Les deux veilleurs :- Zovy?zovy zalahy e.
1er Veilleur.- Eny iky, lehiroa; ho fatratra mihitsy raha izany eto an-tanana izany rehefa afaka kelikely. 'Ndeha mba hampiondandoha aho aloha, lehitsy sao bongo maso an-danonana ka tsy mahita ny soa.
2e Veilleur.-Io koa Ilairainiy fa resy. Dia anjarako ary aloha 'ry ise, ny miambin
1er Veilleur(les yeux lourds) Izany koah .

Les veilleurs s'interpellent une nouvelle fois ;

D'un des postes :

Somambisamby izao Andrigitraiombonana,
Koa arahaba ny any;
Ka manjavonjavona 'zao Ankaratrairaisana
Fa maraina ny andro;
Ka malahelo re ny fo lavin-kavana,
Ka mitsetra ihany.

Misondrotsondotra fa tsy mba ho rahona,
Ny any Ankaratra;
Manerinerina ka dia mampitsetra
Ny any Andringitra,
Ka maitso mavana ny tanàna andrefana,
Fa maraina ny andro .

D'un autre :

Na malahelo aza ny any aminay
Ka mba mahonena re
Ny fanompoana manko no ambony indrindra
Ka veloma ny any ê.
Fa sorodany any aho ka miaramila
Ka masina ny any ê.

Mba tsara feo hianao Ravoromanga;
Ka mampitsetra
Ny volonao aza dia mainty manga
Mamirapiratra
Ny fonenanao aza dia Ambohimanga
Ka samy manga izany ê .

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Bruit au dehors ;

2e Veilleur.- Injay eny ry zalahy,ry ise ity,ka mifohaza ê .
1er Veilleur (sursautant)- Ah? Izany ve?
2e Veilleur.-Aza ela hianareo,zalahy,fa ny anay itony efa tsy izy intsony a .

Les autres veilleurs arrivent de tous côtés .

L'un d'eux .-Izany ve? Fa ahoána ise itony no .....
Un autre .- Efa miongana tokoa lahy Ingahirainy lahy.
1er Veilleur (tout à fait réveillé)- Ilay ireto koavefa manaitra.
2e Veilleur.-Tsy mba lainga raha tsy ahiko ho noheverin-dRangahy ho mpamosavy hianareo.
1er-Veilleur.-Mpamosavy hoe a? Fa angaha kosa raha atao arakeviny tsy naman'ny mpiambina ihany ireny./
Un autre . Ny mpangalatra ry ise ity no atahorana sy hazaina,fa raha izay mpamosavy-manampy antsika ireny ê .
1er et 2e Veilleurs.-Ise kosa raha naman'ny mpamosavy.
Les autres veilleurs /- Resaka avokoa izany,lehiretsy, fa ny andro maraina fodiana ary ny ho enti-manana ny lanonanax rehefa hatrehina a .
Zovy ? zovy re lahy e .

Ils rechantent les trois couplets et sortent sur le dernier .

Le 2e Veilleur retarde surla scène ;
Entre le Meneur,un journaliste .

Le Meneur .- Vita angaha ny fiambenana,ry sakaiza ?
Le Veilleur.- Vita,tompoko,ka handeha hody....Ary,aza fady,iza ange moa hianao fa toa fantatro,toa tsy tadidiko ?
Le Meneur .- Izaho ve?Zanák'Iarivo,lehiroa,ary sady mety ho fantatrao koa.....
Le Veilleur .- Fa ahaona re izany e ?
Le Meneur .- Tsy ny teninao teo ihany va re no averiko e.Ary marina indrindraviza-ny fa mpanao gazety aho,ka sady fantatry ny ambany lantra no tsy tadidiny .
Le Veilleur .- Rangahy ity koa be safary ...
Le Meneur .- Io mantsy no raharahako .
Le Veilleur(après une pause).-Ary inona no foto-dian-dRangahy aty maraina,fa vao maim-bohondravina hoe fitenenana,dia efa aty an-kata aty sahady izy?
Le Meneur .- Ny foto-diako hoe a ?Ka hoe:mpanao gazety,ka misy izay .Mitady vaovao lehiroa.Mihaino,mijery,manontany,mandinika - mandany ny andro tsy ho hfaka, dia soratana avokoa io rehetra hita io,hovinakin'ny ambanilanitra

IL chante :

Je suis le journaliste,
je suis le reporter:
je viens pour écouter
tout ce qui existe.
Demain,c'est le journal:
Il faut de la copie,
alors je viens ,j'épie-
ce ne sera pas mal.

Rien encore sur marbre.
Rien encore dans ce front.
Mais ce que nous verrons:
touffu comme un arbre .
Je suis le .....etc...

Le Veilleur .-Hilaozako hianao,ry Ingahy,fa manao mahay mivadi-dela izy izany ka.
Le Meneur .- Izany hoe: tsy mba hanampy ahy Ingahy amin'ny vaovao tadiaviko ?
Le Veilleur.-Hianareo ve hampianarin-domano sa hampianari-miteny.

On chante dans les coulisses:ce sont les chercheuses d'eau:

O e , ho' aho , Ralila,
Indaosy rano mamy, rano madio
Hosotroin'Idada
Indaosy rano,mamy, rano madio
Voarakotr'ahitra
Indaosy rano mamy , rano madio .

Le Veilleur.- Hilaozako marimarina amin'izay hianao, Ramose ,fa efa mivaaka mpatsaka izy izany .
Le Meneur .- Ndehavary, 'lai-namana.

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

O e , ho' aho Ralila
Indaosy rano mamy , rano madio,
Hosotroin'Izoky.
Indaosy rano mamy, rano madio
Notarafin-bolana e.
Indaosy rano mamy , rano madio.

~~Le Veilleur sonne~~

Le Meneur .-Mantsaka maraina hianareo izany , ry zavavy .

1ère Femme.- Hadanona mantsy anio, Ndriamatoa,ka vonjivonjena ihany ny raharaha maraina.

2e.- Sady izao koa ny rano no mbola madio,fa tsy mba fatsakan'Antananarivo moa izy ity, fa ifamonjena amin'ny mpanasa lamba .

3e Hilaozanay aloha hianao;tompoko, fa samy manana ny hovonjeny be iha

Le Meneur .- Edrey!O ry zavavy isany ! Mampahatsiaro ahy ny fahazazako ilay hianareo teo... Raha mba miangavy anareo hamerina azy moa aho...

Les femmes .-Ny tohiny,Ndriamatoa,henoina ô. Izahay koa angaha mba mitsaha-mihiry ety ambanivohitra, raha tsy vita ny lahasanay.

Le Meneur . Izay koa . (Il note sur son calepin.)

Les femmes sortent en chantant : O e , ho' aho , Ralila,
Indaosy rano mamy,rano madio,
Hosotroin'Ineny
Indaosy rano mamy, rano madio,
Mangalahala ê .
Indaosy rano mamy, rano madio.
O e ,ho' aho , Ralila,
Indaosy rano mamy, rano madio
Hosotroin'Izandry
Indaosy rano mamy, rano madio,
Mitaratra apanga.
Indaosy rano mamy, rano madio,
Manala hetaheta.
Indaosy rano mamy, rano madio,
Faladia vato ê .
Indaosy rano mamy, rano madio .

Les femmes esquissent une ronde et s'en vont à droite .
Le Meneur(lisant son calepin mais ne les perdant pas de vue).

Oh. la douceur de l'eau qu'on puise
parmi les herbes et parmi
tout ce sable encor endormi,
recevant l'aube qui l'irise,
Quels rêves stellaires ,ou quelles
larmes de nuit lune,dans la nuit,
ne sont-ils pas épanouis
pour votre bonheur, ô mes belles./

Une autre femme entre, suivie de deux enfants.
La femme .(aux enfants): Toa tena efa lasa daholo,ry zareo izany ?
Le Meneur.- Nilaozan'ny namanao hianao , Ramatoa.
Les enfants Efa ela ve izy tompoko, no nadalo ?
Le Meneur .A?Mbola tsy tonga any ampatsakana akory angamba izy izay .
La femme (bas aux enfants):Tsy aleho izay?Amin'ny firy marina izy no ho avy ?
Un enfant.- Any ampatsakana izy no miandry.
Le Meneur.(à part).- Hay.Misy izy. Toujours à part,plus haut: Laissons tranquilles les amoureux.
La femme et les enfants sortent par la gauche(conciliabule en marchant)et petits rires de femme.
Des enfants s'appellent au dehors .
O ry Koto â .
O ry Naivo â .
Ils entrent.
1er garçon : Nataoko ity be torimaso indray,leisy , ialahy ?
2e : Fa izahay angaha heverin'ialahy ho ratsy ondana no ho be torimaso?
Le Meneur :Ratsy ondana indray ve lehiroa vao ho be torimaso ?
1er : Ialahy tokoa tsy mahay miteny , ka ... mpadalo,koah

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Le Meneur : Ary haninona vao maraina aty hianareo izany, lehiretsy ?

Un garçon : Lanonambe anio , kabIngahy iroa ./
Tous : Fa inona anio fa tsy.....!
Ils rient tous .
Le Meneur : Fa inona izato lazain'ilaireo ê ?
Tous : Tsy efa mangatsiaka andro va re izao ; ry Ilaingahy ê .
Un garçon : Rehefa kelikely izao dia hiakatra ny ranomasina amin'ny hasoavana ao aminêdry Ingahy Rainizafy .
Un autre : Anio koa no hitaritana ny vato amin'ny fanaovampasan-dry Ingahy Rainibe.
Un autre : Ary afatsy izany fotoam-pamadihana izao .
Un autre : Sady koa,hoeo hoe,toa hisy hitondra santa-bary sahady avy any Mahavokatra .
Le Meneur, notant tout: Une bonne journée.la vie des simples dans tou-tes ses com-pli-ca-tion .
1er garçon : Ny lalaotsika lehilahetsy aloha atao a.
Tous :F'inona,lehitsy .

Une ronde s'enchaîne :

Mipoapoha, ry masoandro
Hotakalozako tanan'akanjo
Ambony vato hianao ô.
Puis :
Mazava atsinana e,
Ny any aminay.
Dondon-davitra e
Tsara ririnina
E, ê , ê, Raivo ô .
Hisaraka ihany isika izao .

Mipoapoha , ry masoandro
Hoarabain'ny sorohi-misondrotra
Anaty antsoro hianao ô .
Mazava atsinana ê,
Ny eto amintsika
Ny feom-borokely ê ,
Hahafinaritra ê .
E ê , ê ,Raivo ô .
Hiara-miredona ary 'zao

Enfin,tandis que les chercheuses d'eau reviennent :

Ao avaratr'atapon'Iamanga (-bis)
Misy hazo iray tsy mba fantatra
Hazo inona re ,ê , ê,)
Hazo manga milalao vorona) bis .

Ao atsinanan'tandrifin'Imanga (-bis).
Misy hazo iray tsy mba fantatra
Hazo inona re , ê , ê ,)
Hazo tsara milonjehi-boa) bis.

Ao atsinan'Imanga re roy -bis.
Misy hazo iray tsy mba fantatra
Hazo inona re , ê , ê ,)
Hazo soa hialofana any) -bis .

Un cri , presque un hurlement , vient du dehors :
Itoy, rano inona ?
Un autre cri répond : Rano masina, rano manoro .
Les enfants se regardent un instant et sortent, leur ronde rompue .
Le Meneur : Injay tokoa ny rano masina.
Les enfants bondissent de joie et se rangent .Du dehors approchent :
-Itony , rano inona ?
-Rano masina, rano mahery .
Le Meneur : L'eau lusrale pour une circoncision .On a été la chercher loin de la ville et des villages, en quelque eau non polluée .
On entre.Deux rangées d'hommes ,armés dchacun d'un bouclier et d'une sagaie
Ils dansent un peu.Au milieu,celui qui porte l'eau lustrale .
Suivent des femmes bien parées .
Tous chantent le chant de la circoncision.
Ils entrent dans la vtlle , suivis de tous les enfants qui ne tiennent plus de joie.Le Meneur essaie vainement de garder quelques-uns auprès de lui;tous s'esquivent avec espièglerie.
Le Meneur : Enfin.Une journée qui s'annonce bien ,ma foi .
Il prend des notes. Il entend chanter.C'est l'amoureuse qui revient :

Teo amoron-drano
Voa hodidin'ahitra
No nifankahitana
E lala ô .

Le Meneur :Tiens, la voilà qui revient.
Avec son amoureux,je pense, cette fois-ci .
Une voix d'homme chante :

Teo amoron-drano
Mibolisadrisatra
No nifankahitana
E lala ô.

Le Meneur: Hé,oui,les voilà....Si on les laissait tranquilles et qu'on

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Teo amoron-drano.

Vavy : Ka raha tsy sendr anao
E Lala ê
Ka sy vavy : Raha tsy sendra anao
E Lala ô.
Dia nikodia
Vavy : Fa natataonao
Ny sinykotaniko
E Lala ô .
Lahy : Mba atataovy kosa
Itony foko nofo
E Lala ô .
La femme : Tsy mba nahita ny nampaka-dra anomasina ity isika .
L'homme : Hahita tsara noho izany isika,rahavako,vetivety foana .
La femme : Any ê ?
L'homme : Rehefa mantsy isika,rahavako, dia hifankahita indray any an-tsena ?
La femme : Sao dia hadinonao tokoa ary ...
pensive: Fa sangy misy mampalahelo ahy,iky, Ndriamatoa ...
L'homme :Ny inona moa izany, sombinaiko ?
Le femme : Ity izy ...Ity izy ... (puis après un vif éclat de rire) Ity izy tsy mbola lasam-bodiondry ity ka .
L'homme : Raha izany foana,aza asiam-panahiana.Handamina ny ho enti-manana azy aho eny an-tsena,rehefa dia ho avy ny ray aman-dreny .
La femme (tendre): Dia...dia.....
L'homme :Dia....dia....fa alao ery hery aloha,rahavako, fa sao .
La femme(épaulant à nouveau sa cruche) : Teo amoron-drano,etc...
Ils s'ent vont.Le Meneur revient au moment où ils disparaissent.Il les suit des yeux . Des bouviers entrent en chantant et accompagnés de leurs bêtes.

Lahy ê
Nandre anao lasan-davitra
Lahy ê
Ny rano kely tsy latsaka
Lahy ê .
--- Nahoana moa hianareo ?- Refrain .

Lahy ê .
Nandre anao tonga ho azy
Lahy e:
Sakafo sikina ihany
Lahy ê .
Ny ombalahy tapatandroka
Lahy ê ;.
Very fanahy mbola velona
Lahy ê .
--- Vitsika momba kitay
Harivariva aty an-tanin'olona .

Lahy ê ,ê, ,ê,'ê,'lahy
Mahita anay lavi-kavana
Ka miady mena masoandro
Saigy tiana mantsy ihanareo
Ka mandroaka anay maizim-bolana.

Lahy ê.
Akoho latsak'akady.-Lahy ê.
Hanidina aho tapak'elatra
Lahy ê:
Nahoana moa hianareo ?

Raha mody manina anay
Matosa toa lahim-bahona
Lahy ê, ê, ê, lahy.

Lahy ê .
iantso aho kely feo anie
Lahy ê .
ijanona aho manin-kavana
Lahy ê .

Tsy tratry ny ora-midona
Raha tratrany aza malazo
Lahy ê, ê, ê, lahy .

• Lahy ê , nahoana lahy ê .

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Le Meneur : Ndeha hanatitr'omby angaha hianareo izany ?
1er Bouvier : Eny ,Tompoko;dia hifanolosolo kely hijery lanonana sy hitari-bato .
Le Meneur : Raha tsy diso aho, dia mila anareo amin'izany indrindra ny ben'ny Tanàna.Reradreraka izy any,ka mitetyfaritany am-pilanjana .
(Hiran'ny mpilanja) .Le chef du village A. entre .
Le Meneur : Iny tokoa izy eny.
Le chef du village A.: Raha vao voatitra,lehiretsy,ny ombinareo,dia mba miverena haigana kely fa hifampindratanana amin-dry Rainibe isika amin'ny vatony a . (Pause)Efa misondrotra hiany ny masoandro.Moa mbola tsy naniraka izy, hiantsoantsika vahoaka ?
Les bouviers : Hanatitra omby angaha aloha izahay , Tompoko. Ils sortent .
Le Meneur : Be fanompona hianareo izany,ry Ingahy ben'ny tany.
Le chef A. : Ka atao ahoana moa anaka,fa izao rehefa mitondra olona.
Le Meneur : Lalina tokoa./
Le chef A.: Koa voa teo,leiroanapo nampaka-dranomasina,izao indray hitari-bato, ary rehefa kelikely..... Des bouviers revien.nent.
Un bouvier: Avy ve ny vato ? On entend chanter au milieu des sons de conques.

O ry daholo a / Fanavotana ity / O ry daholo a
O a) bis / Miheavitra ity / O a) bis

Le même bouvier : Avy manaraka anay koa ry zareo voatendry hindram-pelatanana amintsika .

O ry daholo
Lehilahy mody
"Zao no famindra
'Sika rehetra

Lehilahy mody
'Zao no famindra
Miara-mamindra
Lehilahy mody
'Zao no famindra

Le Meneur court aux devant d'eux.
Le chef A.,aux bouviers: Andeha mihoa zaza amim-behivavy haigana .
Le chef du village B. entre/:Aza fady ,Tompokolahy, raha tsy nanaiga anareo vao manaraina! Natao ihany mantsy ny ny tsy hanahirana olona .....
Le chef A. : A!Maninona no mihafahafa toy izany? Fa inona isika fa tsy tongotr'omby, ka na na mitriatra aza tsy vaky !
Le chef B. : Olan-teny io , Ranaotra ,ka manan-joky ahy, ry Rainibe ,(les carriers entrent)hany ka afaka aminy . Izaho no milazahoe:tsy te-hanahirana olona mbola tany amin'ny faritaniko ka sendra ny anay samy irery. Ary izao kosa,efa mandia ny zaran'ny anao, ka dia mangata-pelatanana !
Les bouviers reviennent avec ceux qu'ils sont allés chercher .
Le chef A. :Olak'entana kosa ny anareo,Ranaotra,ary manan-jandry hianareo amin'ireto zaza amim-behivavy ireto;ka ho afaka azy !
A ses gens :Fa tsy izay ?
Izay! Tous s'apprêtent au travail.
Le chef A. : Saigy indro kely....
Le chef B. : Inona izay?
Le chef A. : Ny tonon'andro tsy maha-lehilahy,hoy ny ntaolo hajaintsika anio. Sao dia làlan-toko aleha aty ? Sao dia tsy mifanitsy amin'ny làlam-bolana?Moa ve efa avokoa ny tokony hatao ?
Le chef B. : Samy zanak'antitra,anaotra,fa aza mifanatsafa a ! Lany eo ihany koa ity fotaona!
Parmi les carriers : Misy marina anie ny tenin'Izaodahinao izany ê !
D'autres : Ary ny fotaona lany-mba misy hakan'aina kely ho anay koa koah !
Le chef B. : Fa ireo angaha mitarain-tanan'ompaka?
Les carriers: Oadray !
Le chef A. : Izay no ela ,Ranaotra,fa alao aloha ...halàna saritaka a !
Il dénoue une une pelote de ficelle et procède à une petite manoeuvre qui ferait parler le sort. Ce, dans le but de savoir si la route à suivre est bonne .(Tout le monde suit ses moindres mouvements et s'exclame de temps en temps
: Eo e ! Mety e ! Mety e!
Tandis que le meneur dit à part :Tout ce qui touche à un tombeau est sacré :cette pierre, la route qu'elle suivra,la manière de la faire avancer. Tout doit se faire selon des rites immémoriaux pour faire honneur aux morts;on consulte les vivants et les forces de la
Tous : Tsaree! Mety e !
Rainibe : Dia misaotra sy mankasitraka anareo ary,Tompoko isany,ny terk'Itompokolahy Rangeza,fa mandala ny fihavanana niraisana hianareo ka tsy manary am-pahasahirana.Niantso hariva izahay,dia tonga ny mpgaraka.Niantso maraina izahay dia nidododo tsy amim-pisalasalana hianareo.Mamy,sitraka,telina raha ny ataonareo, ka samy ela velona ,tompokolahy sy tompokovavy e !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Le chef des carriers (la figure enduite deterre blanche) : Heroy ê! Vory eto eto isika amin'izao amin'izany,tsy noterena fa nentim-pitiavana, tsy novozonana fa kibo saoky ny nahina,sady hanome voninahatra ny razana no hanaja ny velona, rehefa eny dia eny, rehefa tsia dia tsi ny mihoatra an'izay dia abodo,ny latsak'izay dia laiga/. Fa tsy izay , ry zareo ?

Tous : Izay ".(son d'anjombona et cris des carriers)

Le chef : O ! O ! O ! -ndao fa ho any- isikino ,ry zalahy a !

Le chef : Lokan'ady ary ka atao teny ierana. Izay misatry fanahy hosorana vovoka ny tarehiny a?

Tous : Zay !

Le chef des carriers : O ry daholo a) bis
Da)
Fanavotana ity)
Mihevitra ity) bis

Aoka aloha !(s'adressant aux tireurs): Hianareo lohavato mitandrema tsara sao maratra,henjano tsara ny tady (s'adressant à ceux qui tiennent les cordes de derriere) i Hianareo vodivato rehefa midina ampidinana,mitàna mafy tsara kosa . (A tous) :Aza mitavozavoza fa samia misikina tsara ary.

Aony ! Lasa ity !

O ry daholo a) bis
Da)
Fanavotana ity)
Mihevitra ity) bis

O ry daholo ,lehilahy mody
Izao no famindra
Isaka rehetra , lehilahy mody
Izao no famindra
Miara-mamindra,lehilahy mody,
Izao no famindra

(Tonga ao amin'ny tany marina) Rambaramban'i Betanimena (3 fois

Tandremo tsara ,miara-mitana
Tano ity vato fa hivarina ô !) bis
Hivarina ho aiza hianareo ?)

Adri-dri-dry ratsy fandroitra hianareo izany, hampiaraho tsara !

Tous : O ry daholo a....Mihevitra ity. O ry ... Da

Le chef: I-za-ny !Ka hoe tsy hamelantsika ity raha tsy tonga anio koah
Asio indray fa maika hihinan-kena marina
O ry daholo,lehilahy mody.....voir plus haut .

Les carriers sortent par laporte de gauche de lascène.Le chant continue .Les autres les suivent.

Tano ity vato fa hivarina o !) 3 fois
Hivarina ho aiza hianareo ?)
Rambaramban'i Betanimena ! (à répéter plusieurs fois jusque dans dans les coulisses.) Un fou accourt tenant un bâton à la main.

Le fou (imitant le chef): Tandremo a, O ry daholo a..a..a..O ry Bobongolo a...a...a...ry Tongobolo a...oa?....,o ry tongolo a...oa...o ry adala be a a....tsy misy aina daholo hianareo..a...oa...oa.Bataiko, izaho irery irery iny vato iny atao maivana hoatry ny lohako...Iny avy ka ...O ry daholo a...a....a....a...oa...Enjehiko any ireny .
O ry daholo A...a...a...Andraso letia...a...a

Il sort.Scène d'altercation avec un passant.

Les Ravitailleurs entrent avec leurs marchandises .

er Ravit. : Nankaiza ry ise,no nalehan'Indremanenjana teo a ?

e passant (tout étourdi encore) : Nanenjika ny mpitaribato teo izy!Manenjana tokoa ! Il s'en va. Entre le Meneur.

e Ravit. : Fa nanenjanany angaha Ilahinamana no....

e Meneur : Nanenjanany tokoa ilay iny, ka aoka fotsiny !

(aux ravitailleurs) : Inona avy izato entina ?

er Ravit. :Ka inona fa tsy volivoly kely e !

Ravit. : Tsy ." Apetrako ny ahy aloha ,lehiretsy,fa mangana izany ny soroko.

e Ravit. : Hianareo koa moa,lehireto, efa hazakazaka hoatra ny maika ho aiza iny,ka efa mifotroaka ery ny lela koah !

e Meneur : Ce sont les ravitailleurs dela ville,ils attendront ici leur clientèle . Les ravitailleurs chantent.

Indreto izahy mpaboly e ! Avy mitondra ny vokatra
Roy e ,roy e, roy e, Roy e, roy e,roy e,
Indreto izahy mpiompy e ! Manatitra ho anareo e
Roy e, roy e,roy e. Roy e, roy e, roy e .

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Ils font leurs étalages tandis que d'autres petits marchands ...
et se font place. Au dehors, voix d'enfants, s'interpellant :

A ty lehity fa lanin'ny fody ny vary a !
Un ravit. : Fa angaha, lehireto, mbola miandry fody ihany ny aty ?
Un autre : Ka raha mbola tsy tapitra ve ny vary ?

Les enfants continuent toujours à s'interpeller .

Le Meneur : Ka ny anareo lehiretsy, efa aty an-tsena ka ny azy kosa mbola eny a n-tsaha !
Un ravit . : Io mantsy, Rangahy, no mila ho tonga amin'ilay ataony tantsiraka hoe : samy masina an-taniny ! Quelques enfants apparaissent .
Le Meneur : Indreto misy ankizy avy ka aleo hoe hanotaniana.
aux enfants : Varin'iza no andrasanareo, rankizy ?
Un enfant : Varin'ny mpiaddy, Tompoko ."
Les ravit. : Fa angaha mbola tsy masaka, no tsy mbola jinjaina ihany ?
Un enfant : Ka mbola sahirana izy tsinona koah !
Les ravit . : Fa angaha , lehity, izy no hijinja noyho sahirana izy a ?
Voix d'enfants aux dehors : Fa ialahy isanylehireo, mankaiza, fa lanin'ny fody ny vary !
Tous : Fody , hono, lehiretsy , fody a ! -D'autres enfants entrent .
Le Meneur : La moisson bat son plein dans les campagnes ! On y dispute les épis aux oiseaux pilleurs."

Tous chantent, les enfants en sortant :

O ry fody an'ala e
Aza himana ny vaimbahoaka hianareo eh!
O ry fody an'ala e !
Tsy aleonareo ve mankany an'ala
Fa vary akaiky tompo xny aty ka be mpandrara
Tsy mba tahaky ny an'ala fa mitabataba lava
Na hihinana aza tai-dava
Tsy aleonareo ve mankany an'ala?

1er ravit. Ho tasa mpivoro-bary indray angaha izany hianareo no mitady ny beranay?

Des artisans entrent et s'installent,

1er artisan : A ! Izany toerana re toa efa fenonareo sahady, ry ilay soava tsarà isany ?
Le Meneur : Les quolibets commencent entre artisans et ravitailleurs ...
Il note : Oh ! d'anodins , d'innocents Quolibets !
1er artisan. : Ahoana re ry sakaiza no manompa ny asanay e ? sa koah !
2e artisan : Heverin-dry zareo ho efa mondry tanana mihitsy isika ka hivadi-daha
1 ravit. : Eh, fa angaha dia izany , fa tsy rehefa mba vizana amin'ny asa tanana dia mba mivaro-bary .
2e artisan : Ny tsy mahatombotsiraka izany , Rangahy a !
3er artisan : Mangalà toerana, Raondriana, fa ady hevitra tsy hihinanan-kanina izany a !
4e artisan : Rangahy tokoa tsy nahalala fa izahay no mpiasa tanana mifaly amin'n asanay. ento kely angeha , ry zalahy ."

Trouvant enfin à s'installer, les artisans chantent en mimant :

Indreto ny mpiasa tanana e ! 'Ndao re, tohizo re) bis
Samy faly manao ny azy Aza milasilasy)
Mazoto fa tsy terena e ! Lahy e, lahy e, lahy e !
Samy revo manao ny azy Rodorodoy ny raharahntsika
Eny ry lahy e !

Des femmes entrent venant s'approvisionner.

1ère Femme : Toa vory sahady re, Ranona, izany tsena e ?
1er ravit. : Aty, Ramatoa, ny vary tsara e ! Vary lavan'Ambohimandry o ! Tena
xxxxxxx : efa maina mihitsy e !
1ère Femme : Izany , ry Ingahy , no tena varo-jabo an-tsena .
Le Meneur : Ka samy mandoka ny azy ho tsara ve ?
1ère Femme : Ka aiza, Ndriamatoa, hoy izy ka vary an-tsena amin'izao fotaona izao ho azo totoina avy hatrany ."
Le Meneur : Ny an'ise tokoa sao dia lasan-ko sarony fotsiny ?
Le ravit . : Ny haron-tabebako angaha no jerenareo ?
Un ravit. : Aty ny anamamy dimbin'antsy e ! Ny sakay manta e !
Un autre : Siny ô ! Siny foana ve ? Raha vaky itony tsy ialam-bola ô !
Le 1er ravit. : Ka ahoana hianareo teo Ranabavy ô? Sahy setra anie ny variko e ?
Le Meneur : Ho totoina an-tsena izany ?
La Femme : Ingahy mpivarotra tokoa !
1er ravit. : Ry zalahy mpanakalo laona rahateo ve no tsy eo! Sa ahoana leiroa ?
1er artisan : Ady ! Ataovy dia ataovy, rahavako, dia mba hahitanareo ny asa-tanaka koa mantsy ....
1ère Femme : Sahy hianareo izany? Ndeha Ranonaho totoina fa sahy antoka ka hianao koa !
2e ravit. : Raha ...

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Elles se préparent, se ceignent de leur pagne.

Un chant arrive du dehors : O ry fody an'ala e !
Na nifafy toa ny avandra aza hianareo,
O ry fody an'ala ,
Ka niraraka toa ny aviavy,
Nandrasanay tambalamparihy
Ka voaroaka ihany,
Tsy afaka nanam-po !
'Ndreto ny salohim-barinay:
Vaventy noho ny voan-kavandra,
Ary masaka nohon'ny voan-kaviavy ! Ce chant s'éloi

Plusieurs voix au marché .: Marina moa raha tsy ahiko ho fatin'dokan'dry zavav
isakaiza iroa !

Le Meneur : Ezaho amin'izany, ry zavavy, fa he izany aza any an-tsaha mbola
misy mampaka-bary hiany a !

Les deux femmes: Izany tokoa raha tsy ho faty loka , Ndriamatoa ity !

D'autres marchands arrivent ; d'autres acheteuts aussi .

Les deux femmes se mettent à piler : Totoy tsara e, ny varin-tsika !
Tandremo tsara mba tsy ho toro,
Asikino tsara ny lambatsika
Hahitantsika raha vary maina !
Tirara (Totoy tsara
) Hofay tsara !

Le 1er ravit., regardant le riz pilé, : Akatoy ! Maty loka hianao, Ramatoa, fa ts
mongo ny vary !

Le Meneur : Vary nialin-taona kosa angaha ny an-dRanamana !

Le 1er ravit. : Ka tsy maika tsara !

Le Femme : Marina tokoa ny anao , ry Ingahy

à son amie : Aza atao mahakivy izany , Ranona , fa dia zaraitsika io a !

La Femme : Iny ny vidim-barinao, ry Ingahy , angaha koa izahy dia azo lazi
ho tena matin-doka ?

Le ravit. : Koa vary tsara rahateo koa no notadiavina koa !

Le Meneur : Marina ny anao !

Le ravit. : Izany hoe : izahy mahalafo, hianareo mahazo ny tsara.

1ère Femme, à un artisan : Misaotra , Ndrematoa ."

Le marché s'anime toujours. Des offres, des demandes en mime.

Le Meneur regarde tout d'un oeil intéressé .

Un jeune beau : Mahavariana ihany, ry, sakaiza, izany mahita olona mitoto vary an
tsena; saigy aiza ho aizan'ny mahita azy roahavay andrasantsika

Un autre : Fa izao e ! : ho tonga amin'ny fotoona hiany ve ve izy aloha e

Le 1er : Haninona izy no hamitaka no hamitaka ! Raha tsy diso aza aho,
dia izary manangasanga izary izy !

L'autre : Aoka fa marina ny an'ise.... Indreny tokoa ...

Deux belles femmes entrent, immédiatement interpellées de tous côtés par
les marchands; entre aussi la chercheuse d'eau de ce matin, suivi de peu par
son amoureux.

Un ravit. : Aty, ry Madama, vary kality voalohany ô !

Un jeune beau , saluant ,: Ha ! tonga tokoa hianareo, irahy roalahy efa manah
ery !

Une des 2 femmes: Manahy amin'inona ?

L'autre : Ka efa fotoana teo ve tsy ho avy ?

Les 2 à la fois : Efa hitanareo ve aloha izay tsy hahamenatra amin'y ho rafozan e ?

Un orfèvre hindou : Itony, ry Maosé isany ! Tsara ho an'ny fiansé !

aux deux femmes : Raha miantona eny amin'ny sofina itony a ! ary itony raha
iambozonana !

Les femmes : Azoazonareo aminay ve , sa ahoa na ?

L'orfèvre : Vidio, ry Maosé, fa tsara !

Pendant ce temps, les deux autres amoureux, les humbles, font aussi leurs emplet

Les 2 beaux : Ka tianareo ve, fatsy ireny hiany no zavatra hovidina e !

Les 2 femmes : Ataovy ary re ! Tous se dépensent en minauderies .

L'humble amoureuse, à son futur, devant un marchand d'étoffes : Toa mba metim
ihany ity ? Raha ity no hanaovako amin'ny fangatahana?

L'amoureux : Atonona anao tsara io ! Il marchande... et paie .

Dans un excès d'enfantillage, le 1er jeune beau arrive à marcher sur un
bout de lamba de sa belle . Ils'en excuse.

Les trois femmes : Dia tonga amin'ny tononkira hianao, Andriamatoa !

Le jeune beau : Ilahy hoe : "Aiza Hitsahinao ny lambako" ve !

Les trois femmes : Izany tokoa !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

-Fa hariva ny ny andro
-Izaho no manitsaka ny lambanao
Dia hanina ano re roy
-Aza miangolangoly fiteny
Fa sao fitia am-bava
-Raha antendru-molotra ny fitia
Efa akaiky re ny fo .

(Fitia nentin'ny maso ny ahy
Mikipy ao hiany
Fita nentin'ny maso ny ahy
Ka ny fo jenjina . Les trois couples sortent .

Le marché reprend son calme...Onc commente les scènes qui viennent de se passer.
Le Meneur note, note tout en causant avec les marchands.
Résonnent, en s'approchant, des grosses caisses .Des chants fusent :

Faly aho , letsy a !
Les marchands : Mpamadika leiretsy a ! Mpamadika ! Ny lalana ihany alalahina !
Le Meneur : Un retournement de mort ! les morts continuent, pour ainsi dire,
à vivre avec les vivants ! Les morts, les morts lointains, qu'on
dit avoir froid dans leur solitude souterraine...
Les Morts , les Morts chéris ! Le chant approche :
Faly aho , letsy
Fa tonga i Dada e !
Faly aho, letsy a !
Mahasao-drazana e !
Faly aho , letsy a ! Tout le monde chante en scène .
Comme tout ici-baset si mélodieux,
O morts ! Ah ! triomphez d'un sommeil sans paupières
et , revenantici, de plus loin que les dieux ,
renoncez un instant au silence des pierres !
Le long cortège entre : Faly aho letsy a ! Faly aho letsy a !
Fa to fanirina e ! Hampirain'karandoha e !
Faly aho letsy a ! Faly aho , letsy a !
Fa vita adidy e !
Faly aho, letsy a ! Le marché reprend son calme .
Un marchand : Raha tsy nahavita an'izany mantsy, leiretsy, dia tsy afa-po a !
Un autre : Ka inona leiroa, no tsy ahalalàna andro mafana mangatsiaka toy
izao, fa tsy ny hahavita ny adidy toy ireny amin'ny velona sy ny
razana toy ireny ! a !
Le Meneur : Lazain'olona ho ambaka nohon'ny olona mantsy izany tsy voavadik
s marchands, crachant, : Aza hitako ! aza mahita ahy !
On entend les chants des piroguiers : E, lola - lola ary
E, lola - lola atsy
E; e, e,
Ambany ravi-kazo
E lola ô
Ambany ravi-kazo . raina !
e Meneur : Injany, raha tsy diso aho, ny santabary reko ho avy hatriny anin

Les marchands refont leurs paquets et se préparent à se retire
tandis que le chant des piroguiers approche toujours :
Laka-malady Ny lakan-dratsy
Ambany ..... Ambay .....
Tomamy fivohhy Mitomany ho rendrika
Ambany .... Ambany ....
e Meneur : Comme disait le poète :
....vers d'autres plaisirs s'en iront mes délices,
et je viendrai bientôt, parmi les paysans,
acclamer la moisson et fêter les prémices
en agitant dans l'air nos épis murissasnt !
Les piroguiers arrivent avec les moissonneurs apportant les
prémices . Ils chantent en dansant .
O, ry Iarivo ô !
O, ry Iarivo, jereo re !
Ny vokatray e voahoty e
Ny santa-bary omenay re)) ter
Ny ray amandreny hajaina e))
Mihobia, mifalia, miravoa .
1er Moissonneur : Toa hisy azy ny ben'ny tanàna rehefa tonga eto !
2e Moiss. : Izy irery ihany tokoa mantsy no mbola tsy nahita a !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf

Un ravit. : [illegible]
anareo ka hoe !

Un artisan : Ka hisy lanonana ho tontosa tokoa ve raha tsy misy mphira gasy !

Des moissonneurs: Tsara ray amandreny koa izahay koah !

Le meneur : Ka hianareo mantsy mahay manome voninahitra ny misybanareo, ka mampadihy tsy torahan-damba .

Des marchands : Ampirimo dieny izao,ry zalahy,ny entatsika,fa izao ny [illegible] efa be sahady ity izy .

Tous : F'inona,lehiretsy !

Le chef du Village entre . Echange de kabary . Ils rangent leurs affaires . On chante :

1er Refrain: Vita iza ny lahasa re -bis
Ka indreto,ny santa-bary
Indreto ny ondry nandrasana
Roy e)
Eny e) ter

1° Izahay izany re roy
Ngolim-panala maraina
Voatanika andro migaina.
Roy e)
Eny e) quart

2° Izahay izany re roy
Saiky nindaosin'ny rano
Saika naratra ny angady.
Roy e)
Eny e) quart

2e Refrain: Vita izao ny lahasa re -bis
Mby eto am-bavahadim-bohitra
Mby eto ampoto-tanàna
Roy e)
Eny e) ter

3° Isika izao,re reoy
Ho vory mihoatra an'izao
Hikambana mihoatra an'ity
Roy e)
Eny e) quart

4° Isika izao anie , ry roy
No velona iray tanàna
No maty iray an-tsaha.
Roy e)
Eny e) quart (pas de refrain)

Le chef du Village : Ary izao lehiretsy, ny mpihira gasy efa hanomboka;rehefa avy eo tsy hisy hifankahitana firy intsony, ka ndeha dia hifanao veloma eto an-tsena ! Fa tsy izay ?

Tous : Izay !

Refrain : Oay lahy e !
Veloma ihany e ".
Oay lahy e !
Masina indrindra e !
Oay lahy e !

Ny andro mitehin-ko hariva
Ny alina manatona ihany
Ndao hisaraka zareo
Fa mbola irarirarina
Ny hifankahita andro zato
Veloma mandr-pihaona
Veloma ,masina indrindra
Veloma , tafandri-mandry
Veloma , hiara-mifoha !

Le chef du Village : Halalaho amin'izay ary ny toerana, hanaovan-dry zalahy mpiangaly azy !

Tous : Halalaho ! Halalaho e !

-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o-o

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2111?context=pdf